# Ilay Voa Tsara Nafafy 12 Septambra 2018

# 12 Alarobia septambra

**Mitady an'i Jehovah aho, dia mamaly ahy Izy.**
Salamo 34. 4

**Fa Jehovah no Andriamanitra tokoa, eny, Izy no Andriamanitra velona sy Mpanjaka mandrakizay.**
Jeremia 10. 10

## Ary raha misy moa Andriamanitra ?

Tao an-dakilasy i Irène, tovovavy rosiana, tamin'ny taona 1960. Faran'izay sorena izy, satria mbola ny tsy fisian'Andriamanitra hatrany no lohahevitra nampianarina, hoe : „Tsy misy Andriamanitra. Adala vitsivitsy ihany no mino Azy".

— Fa raha marina izany, hoy izy anakampo, dia tokony nolazaina taminay indroa na intelo fotsiny, dia ampy. Izao fanitrikitrihana feno fankahalana izao ve, tsy fanafenana ny marina ?

Tamin'ny voalohany dia naha tezitra azy izany : raha tsy misy Andriamanitra, nahoana izahay no terena hihaino fampianarana manorisory, ampielezana izany hevitra izany ? Tsy nety afaka tao an-tsain'i Irène ny eritreritra hoe : Tena misy angamba izany Andriamanitra izany, ary tena mahery. Tsy nahafantatra an'Andriamanitra i Irène, kanefa nitady azy. Dia iny izy no nivavaka tamin'Andriamanitra. Tsy nahitany ny fanampiana notadiaviny ny literatiora rosiana, nefa kosa nahazo fanomezana izy, dia Baiboly, ilay boky raran'ny antokon'ny tsy mino ny fisian'Andriamanitra. Nifantoka namaky azy io izy, ka tonga nahafantatra an'i Jesosy Kristy, Ilay Zanak'Andriamanitra, ny fiainany, ny nanolorany ny tenany ho sorona. Ary ho azy, toy ny ho an'olona tsy hita isa talohany sy taorianany, dia Jesosy no lalana nitondra azy hankamin'Andriamanitra.

Eny, misy tokoa Andriamanitra. Ary tsy manafina ny tenany amin'ny voariny Izy. Na dia nitodi-damosina taminy aza isika ary niaina tsy nisy Azy, dia naneho ny tenany Izy. Ny fiainan'i Jesosy Kristy, fiainana madio sy feno fitiavana, ny nanolorany ny ainy teo amin'ny hazofijaliana, ny nitsanganany tamin'ny maty, dia ahatakarantsika ny fahalehibeazan'Andriamanitra, ny fitiavany mandrakizay, ny fahamasinany. Jesosy Kristy, Izay tonga mba „hitady sy hamonjy ny very", dia mamaly mandrakariva ny finoan'izay maniry marina ny hihaona aminy sy hahafantatra Azy.